# 365Tantara 95. Ny rahalahin'ny Evanjelista Moody!



# 95.Ny rahalahin'ny Evanjelista Moody!

Ilay amerikana evanjelista malaza atao hoe Moody nitantara fa fahatsiarovana roa tamin' ny fahazazany no nijanona voasokitra tao am-pony :

Ny voalohany : ny fahafatesana tampoka nahazo ny rai¬ny teo anilany ary ny faharoa : ny fandosirana na-taon' ny zokiny lahimatoa.



Isaky ny tononina ny anaran' ilay zanaka lahy tsy hita, dia latsa-dranomaso ny reniny. Nandritry ny herinandro sy volana maro, tsy maintsy nitilina ny fahatongavan' ny taratasy. Kanefa na dia teo aza izany, na oviana na oviana tsy tonga nampionona ny fon' ny reniny na dia kely aza ny taratasy. Rehefa nitsoka mafy ny rivotra, dia nimonomononona izy hoe: - Iza no mahalala raha tandin-domin-doza izy ?

Ny alina, hoy izy tamin' ny feo moramora : - Andriamanitra ô, vonjeo ny zanako, ento miverina ato an-trano izy !



Nandalo ny taona, ny volo mainty lasa fotsy.
Ny famindrany hentitra sy tanora lasa nilanto sady tsy azo antoka.



Tonga moramora ny fahanterana...

Nanana fo torotoro foana izy, kanefa feno fitiavana ny zanany lahy foana.

- Nanao anakampo aho indraindray hoe, raha mitantara ilay evanjelista, tiany kokoa ilay tsy eo noho izahay.



Indray andro, nisy lehilahy nandalo teo anoloan' ny varavaran' ny trano. Tsy nahafantatra azy ny reniko. Fa rehefa nijanona izy ary nahita ranomaso nikoriana tamin' ny tarehiny, dia ny fony milaza aminy hoe :
- Ity ilay zanako very ! Niantoraka teny amin' ny varavarankely izy - Anaka, anaka, azo atao ve ? Ianao va ity ? Avia ! Avia haingana ! Fa tsy nihetsika izy. - Reniko, tsy hiampita an' ity tokonam-baravarana ity aho alohan' ny hamelanao heloka ahy ! Fa tsy nety nandre na nenina na tsiny izay notenenin' ny zanany izy. Nihazakazaka teny am-baravarana izy, niantoraka taminy, namihina azy teo amin' ny fony ary nitomany ela be niaraka taminy. Ao amin' ny filazantsaran' i Lioka toko faha 15 izay mi¬laza amintsika ny tantaran' ilay zanaka adala ary any amin' ny faran' ny tantara ilay ray milaza hoe "Ity zanako ity izay efa maty fa velona indray izay efa very fa hita indray."

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa